
# NY MAHAZAVA-DEHIBE NY MASOMBOLY NOHATSARAINA HO AN'NY VOLY KATSAKA SY SOAZAHA



## Nahoana no mampiasa masomboly nohatsaraina ?





- Mba hananana voly matanjaka, mahatohitra ny aretina sy ny fahavalo mpanimba ny voly, ary mahatanty hain-tany ;
- Mba hanomezana lanja ireo tsiron-taharo nentina ho an'ny voly tamin'ny alalan'ny zezika ;
- Mba hanatsarana ny fivarotana ny vokatra, izay tsara kalitao sy tsy mifangaroharo.

Masomboly tsara
↳ Voly tsara sy matanjaka



**Matetika manify ny voly katsaka na soazaha rehefa ratsy ny masomboly nampiasaina.**

## Ahoana no ahazoana masomboly nohatsaraina ?

- Ny famokarana masomboly katsaka sy soazaha natao ho an'ny faritra iray dia mitaky fepetra mazava tsara, izay ireo Ivotoeram-mpamokarana nahazo fankatoavana irery ihany no mahafeno izany.
- Ny masomboly voamarina dia ireo natao hamidy amin'ny mpamokatra. Famokarana sy fifantenana henjana araka ny fenitra momba ny fitehirizana ny toetry ny foto-tarazon'ny karazam-boly voafantina no nahazoana azy ireo.

**Ny Sampan-draharaha Ofisialy misahana ny fanaraha-maso ny masomboly (SOC) eo anivon'ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono no fahefana mahefa misahana ny fanaraha-maso sy ny fanamarinana ny masomboly eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'Madagasikara.**

## Famokarana masomboly katsaka

- Azon'ny mpamokatra atao ny mitahiry mandritry ny taona maromaro ireo masomboly novokarin'ny Ivotoeram-pamokarana, amin'ny alalan'ny fifantenana faobe : fifantenana tsara ireo voa avy amin'ny voly matanjaka indrindra sy ny babiny tsara indrindra.
- Voly mitsaika eny ivelany ny katsaka. Ny lahim-bony amin'ny foto-katsaka iray dia afaka mitsaika amin'ny vavim-bonin'ny foto-katsaka iray hafa. Mety hoentin'ny rivotra lavitra ny vony. Araka izany dia mety ho very na hihena ny toetra mampiavaka ny karazan-katsaka iray raha volena eo akaikin'ny karazan-katsaka iray hafa izy.



**Eny anivon'ny Ivotoeram-pamokarana masomboly :**

- Hoan'ny karazana « composites » toy ny IRAT 200, dia tokony hoelanelanina 500 metatra farafahakeliny ny tany raha masomboly samihafa no vokarina.




- Hoan'ny karazana safiotra toy ny PANNAR 12, ny tanimboly hamokarana masomboly dia tokony hatokana. Tokony hifanelanelana ny laharan-katsaka manana lahim-bony sy manana vavim-bony, ka amin'ireto farany dia esorina ny lahim-bony.




**Ho an'ny karazana « *composite* » dia ilaina ny manolo masomboly isaky ny 4 na 5 taona. Ho an'ireo safiotra kosa, dia soloina isan-taona ny masomboly. Tsy azo atao ny mamokatra masomboly ivelan'ny Ivotoeram-pamokarana voatokana.**



## Famokarana masomboly soazaha

Ho an'ny soazaha dia ao amin'ny foto-boly iray ihany ny fitsaihana avy amin'ny lahim-bony sy ny vavim-bony. Araka izany dia azo antoka kokoa ny fiarovana ny toetra rehetra mampiavaka ny karazana soazaha. Azon'ny mpamokatra atao tsara ny mamokatra ny masomboly ilainy (tsy voatery mandalo ivotoeram-pamokarana masomboly).

## Inona ireo karazana masomboly azo ampiasaina ?
## Aiza no ahitana ireo masomboly nohatsaraina ?


IRAT 200



Meva



Volasoa




Cirad 412



Bakoly



Mailaka



**Ireo karazan-katsaka mety ho an'ny Faritra Avofoany Andrefan'i Madagasikara.**

- **Meva :** Lava tsingerim-piainana (140 andro). Lava kokoa ny babiny. Mahazaka aretina toy ny pentimpetina sy harafesina. Mety amin'ny faritra avo ao eto Madagasikara.
- **IRAT 200 :** Antonony ny tsingerim-piainana (130 andro). Avo faniry ary tena mamokatra.
- **Bakoly :** Fohy tsingerim-piainana (120 andro). Fohy babiny. Afaka mitombo hatrany na lavo na folaka aza.
- **Volasoa :** Fohy tsingerim-piainana (130 andro). Lava kokoa ny babiny.
- **Mailaka :** Fohy tsingerim-piainana (130 andro). Mety amin'ny ririnina ary mahazaka aretina.
- **Cirad 412 :** Masomboly IRAT 200 nohatsaraina. Iva kokoa ny faniriny sy ny babiny.

**Masomboly safiotra :**

Ny masomboly safiotra toy ny PANNAR dia tena mamokatra ary natao indrindra hoan'ny famokarana provandy. Mitaky zezika fanampiny betsaka kosa izy. Ny masomboly, izay lafo kokoa, dia tsy maintsy havaozina ka vidiana isaky ny taom-pamokarana.

**Masomboly soazaha mety ho an'ny faritra Afovoany-Andrefan'i Madagasikara :**
Ireto avy ireo masomboly mety ho an'ny faritra Afovoany-Andrefan'ny Madagasikara :

- **FT10, OC 11, PANDERMAN, Cometa, Davis,** samy manana tsingerim-piainana antonony avokoa (100 andro eo).
- Isan'ny mampiavaka ny soazaha ny fitrohany azota amin'ny rivotra izay hita amin'ireo kambo any amin'ny fakany. Karazana bakteria antsoina hoe *Rhizobium japonicum* no manao izany. Raha tany vao sy tsy mbola nisy voly soazaha no ambolena dia Ilaina ny fampidirana ireo bakteria ireo amin'ny tany amin'ny alalan'ny *inoculum.*
- Ny mety indrindra dia mividy masomboly efa nilona *innoculum* sy rakotra dolomita mba hanamaivanana ny asan'ny asidra ao amin'ny tany.









**Aiza no ahitana masomboly nohatsaraina ?**

| Ivotoerana | Karazana tolotra | Mpamatsy masomboly fototra | Karazany sy vidiny 2019-2020 | Fifandraisana |
|---|---|---|---|---|
| FOFIFA | Famatsiana masomboly fototra « base » sy « pré-base » | Ny CYMMIT sy ny FAO teo aloha. Fifantenana manokana | Katsaka: Pré-base 5 000 Ar/kg, Fototra 2 500 –3 000 Ar/kg | Centre Antananarivo : 020 22 401 30 034 14 950 45 |
| FIFAMANOR | Famatsiana masomboly | Katsaka : mamokatra Soazaha : masomboly avy any Indonezia | Katsaka : 2 000 Ar/kg Soazaha : 2 000 - 2 400 Ar/kg | 020 44 244 54 032 07 116 61 |
| AGRIVET Antananarivo, Antsirabe, Sakay | Famatsiana masomboly (karazan-katsaka safiotra nafarana) | – | IRAT 200 : 2 600 – 4 000 Ar/kg PANNAR : 16 000 Ar/kg | Tana : 020 22 583 73 A/be : 034 44 448 85 |
| CMS Sakay / Société Agrima | Famatsiana masomboly (IRAT 200, Meva, Volasoa) | FOFIFA | Katsaka : 2 500 – 3 000 Ar/kg | 033 14 606 08 rafalycms@yahoo.fr |
| SDMad | Famatsiana masomboly (Mailaka, Cirad 412) | FOFIFA, mamokatra | Katsaka : 2 300 Ar/kg | 020 24 231 78 034 07 124 27 |
| Groupement des Paysans Santatra à Analavory | Famatsiana sy famokarana araky ny tinady ny masomboly | FOFIFA Ambatondrazaka, Autoproduction | Katsaka : 1 650 – 2 400 Ar/kg | Analavory 032 35 677 69 |
| FTA - Fikambanan'ny Tantsaha Ankadinondry | Famatsiana sy famokarana araky ny filàna ny masomboly | CMS Sakay, DRAEP, Tetik'asa, Privés | Katsaka : 1 250 – 3 000 Ar/kg | Sakay 034 91 853 52 |



Mpanoratra :
Tahina RAHARISON, Manampahaizana momba ny Agroekolojia ;
Patrice AUTFRAY, Manampahaizana momba ny fambolena, Cirad, UPR AIDA

Nanome ny sary : P. AUTFRAY, T. RAHARISON

Jolay 2020

Tetikasa Fampiroboroboana ny asa Fambolena sy Fiarovana ny fizakan-tany
Famatsiambola iraisan'ny Governemanta Malagasy sy ny Banky Iraisam-pirenena

société de coopération pour le développement international

LA RECHERCHE AGRONOMIQUE POUR LE DÉVELOPPEMENT

Centre de Développement Rural et de Recherche Appliquée